REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

ASSEMBLEE NATIONALE
ANTENIMIERAMPIRENENA

---------------

REPOBLIKA FAHAEFATRA

FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHATELO

FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2024

DIRECTION DE LA LEGISLATION

----------------

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

----------------

# FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-15

**FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA NY VOLAVOLAN-DALANA:**
**- LAHARANA FAHA-005/2024 TAMIN'NY 7 FEBROARY 2024 «AUTORISANT LA RATIFICATION DE L'ACCORD DE PRET RELATIF AU FINANCEMENT DU PROJET AMENAGEMENT DU FLY-OVER «MAKI» CROISEMENT ENTRE LA ROUTE «FRANCOPHONIE».ET LE BOULEVARD DE «L'EUROPE», CONCLU LE 11 OCTOBRE 2023 ENTRE LA REPUBLIQUE DE MADAGASCAR ET LA BANQUE ARABE POUR LE DEVELOPPEMENT ECONOMIQUE EN AFRIQUE (BADEA)» SY NY**
**- LAHARANA FAHA-011/2024 TAMIN'NY 14 MEY 2024 «MODIFIANT ET COMPLETANT CERTAINES DISPOSITIONS DE LA LOI N°2005-040 DU 20 FEVRIER 2006 SUR LA LUTTE CONTRE LE VIH/SIDA ET LA PROTECTION DES DROITS DES PERSONNES VIVANT AVEC LE VIH/SIDA»**

Fivoriana faha-6
Natao ny
Talata 5 Novambra 2024
- Atoandro -

**FIVORIAMBE**

**FILOHA**: Ramatoa SOAFILIRA Princia

**MPITANTSORATRA**: Andriamatoa isany:
- RAHAROARILALA Tinoka Roberto Michaël
- MILAVONJY Andriasy Philobert

**FOTOANA**: Talata 5 Novambra 2024, tamin'ny 11 ora sy 5 minitra, atoandro.

Isan'ny Solombavambahoaka tonga nivory: 60; tsy tonga: 102; voaala tsiny: 01

**FANDAHARAM-POTOANA**: Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna:
- laharana faha-005/2024 tamin'ny 7 Febroary 2024 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet Aménagement du Fly-Over «Maki» croisement entre la Route «Francophonie».et le Boulevard de «l'Europe», conclu le 11 Octobre 2023 entre la République de Madagascar et la Banque Arabe pour le Développement Economique en Afrique (BADEA)».
- laharana faha-011/2024 tamin'ny 14 Mey 2024 «modifiant et complétant certaines dispositions de la Loi n°2005-040 du 20 février 2006 sur la lutte contre le VIH/SIDA et la protection des droits des personnes vivant avec le VIH/SIDA».

Nitohy ny Talata 5 Novambra 2024, tamin'ny 11 ora sy 5 minitra, atoandro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Ramatoa SOAFILIRA Princia, Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena misahana ny Faritanin'i Mahajanga no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Ramatoa Mpitarika fivoriana dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Andriamatoa MILAVONJY Andriasy Philobert, Mpampakateny Jeneralin'ny Antenimierampirenena no nanatanteraka izany.

Rehefa izany, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony, Ramatoa Mpitarika fivoriana no sady namerina ny fiarahabana ny solotenan'ny Governemanta tonga manatrika ny fivoriana.

Taorian'izay, nambarany fa hiroso amin'ny fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-005/2024 ny mpivory ka niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomiera ny tenany hamaky ny tatitra momba izany.

Andriamatoa TSARADIA Marco no nanatontosa izany ka toy izao no fivakiny:

Nivory ny Alarobia faha-23 Oktobra 2024 tamin'ny 10 ora, maraina, ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola sy ny Vaomieran'ny Asa Vaventy nandinika ny Volavolan-dalàna laharana faha-005/2024 tamin'ny 7 Febroary 2024 "autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet Aménagement du Fly-Over «Maki» croisement entre la Route «Francophonie» et le Boulevard de «l'Europe», conclu le 11 octobre 2023 entre la République de Madagascar et la Banque Arabe pour le Développement Economique en Afrique (BADEA)".

Andriamatoa RAZAFIMAHEFA Tianarivelo Edouard, Filohan'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola tonga nanatrika ny fivoriana:
Ramatoa sy Andriamatoa isany,

1. MAMINIRINA Jolce
2. MONG MANN Bismark
3. RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga
4. RAJAOBELINA Lova Herizo
5. RAKOTOMALALA Miarintsoa
6. RANDRIANASOLO Tojosoa Idéal
7. RAZAFIMAHEFA Tianarivelo Edouard
8. RAZAFIMANANTSOA Hanitra
9. RAZAFINIMARO Desiré
10. TSARADIA Marco

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Asa Vaventy tonga nanatrika ny fivoriana:
Andriamatoa isany,

1. BOTOTEFY Odilon
2. MARINDRY Rasolohery Andry Chrinssant
3. RABEAMINA Olivier
4. RAMANANARIVO Handry Orlando
5. RAMILISON A. Nomenjanahary
6. RAZAKAMANANA André

Ireto avy ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana ao anaty Vaomiera tonga nanatrika ny fivoriana:
Andriamatoa isany,

1. FREYDIER Michael
2. JAOZANDRY René
3. RAJOELIMALALA Herihasina Eljo
4. RANDRIANASOLO Augustin
5. RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol

Ireto avy ireo teknisiana avy amin'ny Governemanta
Ramatoa sy Andriamatoa isany,

| | | |
|---|---|---|
| 1. | SAMBISOLO Emile Joseph | MTP/SG |
| 2. | RASOLONJATOVO Thierry | MTP/Dircab |
| 3. | RANDRIANANDRASANA Tovo Herizo | AR/Ingénieur |
| 4. | ANDRIAMIHAJA Ny Rindra | AR/Ingénieur |
| 5. | RASOLONDRAIBE Andriamirantosoa | AR/Chef de Projet |
| 6. | RAKOTOSOLONIAINA Verohanitra | DDP/MEF |
| 7. | RAHARINIAINA Nambinintsoa F | DDP/MEF |
| 8. | RASAMIRAVAKA Ioby | MEF/DGI/DDP |
| 9. | RAZAFINDRABE Haingo Mbolasoa | MEF/DGI/DDP |
| 10. | ANDRIAJAFINIAINA Zarnelson | DAJ/MTP |
| 11. | MORA Jackson | CAB/MTP |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Filoha dia nomeny avy hatrany ny teknisiana avy amin'ny Governemanta ny fitenenana mba hanazavany ny antonantony mahakasika ny Volavolan-dalàna.

Izao Volavolan-dalàna izao dia mahakasika findramam-bola momba ny fanamboarana ny "Fly-over Maki" izay hita eo amin'ny sampanana RN 58A sy ny "Route de la Francophonie". Ahitana fanamboarana tetezana eo amin'ny reniranon'Ikopa sy "voie rapide" ihany koa izao fifanarahana izao.

Ny tanjon'ny tetikasa dia entina mampifandray ireo Kaominina manodidina ny tanànan'Antananarivo sy manamora ny fidirana sy fivoahana aminy, indrindra amin'ireo ora fisian'ny fitohanan'ny fiarakodia. Manatsara ny fifamezivezen'ny fiarakodia eo amin'ny "rond-point Maki" sy manatsara ny fifandraisana eo amin'ny tanànan'Antananarivo sy ny Tanàna vaovao (Tanamasoandro eny Imerintsiatosika) izay efa eo andalam-panamboarana ny tetikasa ary koa manamora sy mampivoatra ny làlana eto Antananarivo.

Natao ihany koa izy io mba hoentina mampivoatra ny fiampitana ny reniranon'Ikopa ho an'ireo fiara sy ireo mpandeha tongotra izay mbola iampitana lakana hatramin'izao.

Ny Tetikasa dia miompana amin'ireto teboka 4 ireto:

- Ny fanamboarana tetezana mirefy 200 metatra ny halavany ary 19 metatra ny sakany eo amin'ny reniranon'Ikopa izay mifandray amin'ny RN 58A. Marihana fa azo ifanenàna io tetezana io;
- Ny fanamboarana "Fly-over" izay tetezana mirefy 50 metatra ny halavany ary 19 metatra ny sakany, ka 4 ny lalana miakatra sy midina ary 4 hitsin-dàlana izay mampifandray ny làlana RN 58A sy ny "Route de la Francophonie" izay mirefy 600 metatra ny halavany ary 19 metatra ny sakany;
- Ny fanamboarana ampahany amin'ny "Voie Rapide Ouest de Tanà" izay mirefy 1,5 kilometatra ny halavany ary 19 metatra ny sakany. Azo ifanenàna ihany koa io "voie rapide" io;
- Ny fanamboarana izay mifandray amin'ny tetikasa, toy ny fanariana ny ranon'orana, ny fahazavan'ny manodidina, ny jiro telo loko na "feux tricolore"; ny fiampitan'ny mpandeha tongotra ary ireo tetikasa entina miaro ny tontolo iainana, sns …

Mitentina 31,5 Tapitrisa Dolara Amerikana ny fanamboarana ny tetikasa izay mizara toy izao:

- 28 Tapitrisa Dolara Amerikana: avy amin'ny BADEA
- 3,5 Tapitrisa Dolara Amerikana: anjaran'ny fanjakana Malagasy.

Mitentina 28 Tapitrisa Dolara Amerikana ny findramam-bola, ka mizara roa ny fandoavana ny vola.

Ny findramam-bola voalohany dia mitentina 20 Tapitrisa Dolara Amerikana izay averina ao anatin'ny 26 taona, ka ny 6 taona voalohany dia tsy andoavana renivola ary ny tahan-janabola dia 1,5%.

Ny findramam-bola faharoa dia mitentina 8 Tapitrisa Dolara Amerikana izay averina ao anatin'ny 20 taona, ka ny 5 taona voalohany dia tsy andoavana renivola ary ny tahan-janabola dia 2,5%.

Ny Minisiteran'ny Asa Vaventy no misahana ny tetikasa. Ny «Unité d'Exécution du Projet (U.E.P) de l'Agence Routière» no manatanteraka ny tetikasa. Haharitra 6 taona ny tetikasa, ka vinavinaina ho vita amin'ny volana Jolay 2028.

Marihana fa efa natao tany «Maroc» tamin'ny volana Oktobra 2023 ny fanaovan-tsonia ny fifanarahana fa noho ny filàna ny fanomezan-dàlana fankatoavana (autorisation de ratification) avy amin'ireo Parlementera no tsy nanombohana ny «phase d'étude» hatramin'izao.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fanamarihana ny mpivory.

<u>**FANAMARIHANA:**</u>

- Ilain'ireo Solombavambahoaka ho hita ny sary fanehoana na «maquette», sary «3D» na «4D» momba ny tetikasa mandritry ny fivoriambe.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fametrahana fanontaniana ny mpivory.

<u>**FANONTANIANA SY VALINY:**</u>

1. **Inona no tsy nahatanteraka ny «Fly over» teo aloha? Nisy olana ve?**
   - Ny antony tsy nahatanteraka ny "Fly over" teo aloha dia noho ny tsy nahatongavan'ny Solombavambahoaka nivory. Avy amin'izy ireo mantsy ny fanomezana ny fahazoan-dàlana fankatoavana (autorisation de ratification) mahakasika ny findramam-bola momba izany.

2. **Inona no maha samihafa ny tahan-janabola aloa amin'ny ampaham-bola voalohany sy faharoa?**
   - Ny fepetra apetraky ny BADEA no maha samihafa azy. Izany hoe, raha findramam-bola latsaky ny 20 Tapitrisa Dolara Amerikana dia 1,5% no zanabola aloa. Ny 8 Tapitrisa Dolara Amerikana kosa, efa mihoatra ny 20 Tapitrisa Dolara Amerikana ka izay no mahatonga azy ho 2,5%.

3. **Ny Tetikasa teo aloha ihany ve no voaresaka amin'ity Volavolan-dalàna ity sa Tetikasa hafa?**

   - Misy ny «Fly-over» Anosizato ary misy koa ny "Maki". Ny "Maki" izy ity.

   Ny «Fly-over» Anosizato dia efa nahavitana fanomezan-dàlana fankatoavana (autorisation de ratification) teto anivon'ny Parlemanta ary efa eo andalam-panaovana ny tolo-bidy amin'izao. Ny olana kely fotsiny dia noferan'ireo mpamatsy vola ho orinasa Afrikana ihany no afaka mametraka antontan-taratasy mahakasika ny tolo-bidy kanefa dia orinasa iray ihany no nanao izany, ka niteraka olana. Naverina indray mandeha ny fanaovana tolo-bidy noho izany, ka nasiana «avenant» hahafahan'ny orinasa maneran-tany mametraka antontan-taratasy.

   Ny "Fly-over Maki" kosa dia Tetikasa hafa mihitsy ary mbola tsy misy «avant-projet détaillé».

4. **Aiza avy ireo toerana voakasiky ny Tetikasa?**

   - Ireto avy ny toerana voakasik'izany: "Stade Maki" sy ny lemaka ampitan'ny reniranon'Ikopa izay mifandray amin'ny tetikasa VROT (Voie Rapide Ouest Tanà).

5. **Inona no mety ho «action sociale» sy ny «mesures d'accompagnement» ho azon'ireo mponina eny amin'ny manodidina izay voakasiky ny Tetikasa?**

   - Ny mikasika ny «action sociale» sy ny «mesures d'accompagnement» dia mizara roa toy izao:

     - Ny onitra manoloana ny fanalana olona (expropriation) eny amin'ireny «biens titrés» ireny dia tsy maintsy aloan'ny Fanjakana ka efa manana ny fanombanana manokana momba izany ny Fanjakana;
     - Ny momba ireo «biens non titrés» kosa, efa eo am-pelan-tànan'ny «Commission Administrative d'Evaluation» izay mamaritra ny vola tokony homena ho an'ireo olona izay voakasika.

   Marihana fa aorian'ny fivoahan'ny «Décret d'Utilité Publique» sy ny «Etudes Socio Environnementales» no ahafahana mamaritra ny sandam-bola aloa amin'ireo mponina mipetraka eny amin'ny tany voakasiky ny Tetikasa.

6. **Inona ny asa efa mandeha amin'ny ampahany amin'izao?**

- Ny asa mandeha eny Ampasika dia fanamboarana mifandraika amin'ny «Rond-point» sy ny làlana fotsiny ihany.

7. **Ahoana no nahalalana ny tetibola hindramina raha toa ka tsy misy ny «études sommaires» mikasika ny Tetikasa?**

   - Ny nahalalana ny tetibola nindramina dia avy amin'ny vidin'ny fanamboaran-dàlana sy ny «prix linéaire»-n'ny tetezana.

Taorian'izay dia niroso tamin'ny fankatoavana ny Volavolan-dalàna laharana faha-005/2024 tamin'ny 7 Febroary 2024 "autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet Aménagement du Fly-Over «Maki» croisement entre la Route «Francophonie» et le Boulevard de «l'Europe», conclu le 11 octobre 2023 entre la République de Madagascar et la Banque Arabe pour le Développement Economique en Afrique (BADEA)" ny mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola araka ny voalaza ao amin'ny andininy faha-158 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenana.

Noho tsy fahatratrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana mba ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Taorian'izay dia nankatoavin'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, ny Volavolan-dalàna laharana faha-005/2024 tamin'ny 7 Febroary 2024 "autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet Aménagement du Fly-Over «Maki» croisement entre la Route «Francophonie» et le Boulevard de «l'Europe», conclu le 11 octobre 2023 entre la République de Madagascar et la Banque Arabe pour le Développement Economique en Afrique (BADEA)" ary hoentina eo anivon'ny fivoriambe mba handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 11 ora 45 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Filoha.

Rehefa izany, nisaotra an'Andriamatoa Mpampakateny tamin'ny tatitra nataony, Ramatoa Mpitarika fivoriana ary nanambara fa hiroso amin'ny fanitsiana ny tatitra vao novakiana teo ny mpivory; avy amin'ny Solombavambahoaka aloha vao ny solotenan'ny Governemanta.

Tsy nisy nanana fanitsiana ny Solombavambahoaka.

Andriamatoa RAFIDISON Richard Théodore, Minisitry ny Asa Vaventy, kosa raha nonema fitenenana dia nitondra ireto fanitsiana vitsivitsy manaraka ireto:
Ao amin'ny pejy faha-3, andalana voalohany manao hoe: izao volavolan-dalàna izao dia momba ny fanamboarana ny "Fly-Over Maki" izay hita eo amin'ny sampanana RN1 sy RN 58A. Ny "Fly-Over Maki" izay hita eo amin'ny sampanana RN 58A sy "Route de la Francophonie" no izy.

Ao amin'ny pejy faha-5, valin'ny fanontaniana faha-4 manao hoe, ireto avy no toerana voakasiky ny tetikasa: esorina ny hoe "Rond-point Ampasika", fa avy hatrany dia "Rond-point Stade Maki" sy ny lemaka ampitan'ny reniranon'Ikopa izay mifandray amin'ny tetikasa VROT (Voie Rapide Ouest Tanà).

Taorian'izay, mbola nomena fitenenana, Andriamatoa RAFIDISON Richard Théodore, Minisitry ny Asa Vaventy mba hanazavany ny antonanton'ny Volavolan-dalàna laharana faha-005/2024.

Voninahitra lehibe, ho ahy, hoy Andriamatoa Minisitra no ahafahako mamelabelatra izao volavolan-dalàna hoentina hanatanterahana ny tetikasa «Fly-Over» eto amin'ny Renivohitr'i Madagasikara izao. Atolotra eto koa izany mba hangatahana ny fankatoavan'ny Antenimierampirenena.

Nambarany fa roa karazana ny tetikasa "Fly-Over" hatao eto Antananarivo Renivohitra dia ny "Fly-Over Anosizato" sy ny "Fly-Over Maki". Ahitana tetezana mitsingevana sy sampanan-dàlana maromaro no mandrafitra azy ireo. Hotontosaina ny tetikasa mba hanamorana ny fifamoivoizana sy hampihenana ny fitohanana lavareny eto Andrenivohitra.

Marihana fa efa nahazo fankatoavana teto anivon'ny Antenimierampirenena ny tetikasa "Fly-Over Anosizato" izay miainga eo amin'ny «rond-point» Anosizato tsy lavitry ny «station Jovena». Nankasitraka ny Solombavambahoaka tamin'ny nankatoavan'izy ireo izany tamin'ny volana Jona 2023 ny tenany taorian'izay.

Nambarany koa fa efa natao ny "passation de marché" mikasika io tetikasa io saingy tsy nahafeno fepetra ny orinasa saika hanatanteraka ny asa. Izany hoe, lasa "infructueux" ny "marché" na tsy nisy tohiny intsony hatreto. Manoloana izany, efa eo ampanomanana ny "relance à l'appel d'offre" ny Minisiteran'ny Asa Vaventy ato ho ato.

Ny "Fly-Over Maki" kosa, hatao eo amin'ny "rond-point stade Maki", izay tsy lavitra ny "station total" eo Andohatapenaka. Famatsiam-bola avy amin'ny BADEA no hanaovana ny tetikasa. Famatsiam-bola mitentina 28 Tapitrisa Dolara Amerikana no avy amin'ny BADEA ary 3,5 Tapitrisa Dolara Amerikana kosa no anjaran'ny fanjakana Malagasy. Izany hoe, mitentina 31,5 Tapitrisa Dolara Amerikana no totalin'ny vola hanaovana ny tetikasa.
Marihana fa efa vita sonia tamin'ny 11 Oktobra 2023 ny «accord de financement», ka angatahana fankatoavana aminareo Solombavambahoaka androany izao ary aorian'izay vao hatao ny fanadihadiana rehetra sy ireo dingana tsy maintsy arahina amin'ny fanatanterahana ny tetikasa.

Rehefa izay, nanazava tamin'ny alàlan'ny tahirin-tsary, Andriamatoa Minisitra ary nambarany miavaka sy tsara ary manendrika ny Renivohitra toy an'Antananarivo ny fisian'ny «Fly-Over» tahaka izao.

Raha ny zotra harahin'ny «Fly-Over Maki» dia miala eo amin'ny «Route de la Francophonie» avy eny Ankasina-67ha, mizotra mankany amin'ny "art Malagasy" Andohatapenaka ka hatrany amin'ny «rond point» Andranotapahana. Eo amin'ny «rond point» akaikin'ny «station total Maki» no hametrahana ny tetikasa «Fly-Over Maki» ary ny «Fly-Over Anosizato" dia eo amin'ny «rond point Anosizato» tsy lavitra ny «station jovena" Anosizato no hametrahana azy.

Ny tanjona amin'ny fanatanterahana ny «Fly-Over Maki» dia ny hanatsarana ny endriky ny tanàna ary hanamaivanana ny fitohanana lavareny izay misy eto Antananarivo Renivohitra. Izany hoe, hihena ny fotoana lany rehefa hamonjy fotoana, toy ny famonjena toeram-piasana, indrindra ireo olona manana asa amin'ny fitaterana entana eto Antananarivo. Hihena ny lozam-pifamoivoizana noho ny fahateren'ny làlana eto Antananarivo raha vita ity tetikasa ity.
Hampihena ny fahalotoana ara-tontolo iainana ny fahavitan'ny tetikasa satria tsy ho ela intsony ny fijanonana sy ny fitohanan'ny fiara amin'ny «embouteillage» fa hisosa tsara.

Fampandrosoana amin'ny lafiny ara-toekarena koa no tanjona tiana hapetraka rehefa fotodrafitrasa tahaka ny làlana no tanterahana.

Misy ny làlana antsoina hoe «Voie Rapide Ouest Tanà» izay mirefy eo amin'ny 1,5 Km mankany andrefana izay hampifandray ny vahoaka eto Antananarivo amin'ny "Tanàna Vaovao" any Imerintsiatosika. Hasiana «bretelle» mivoaka any amin'ny làlana RN 58A koa ny tetikasa. Hisy tetezana mirefy 200m izay "2X2 voies" ary 19m ny sakany izay miampita ny reniranon'Ikopa ka hampifandray antsika hiampitana any amin'ny RN 58A ihany koa.

Hamboarina ny tetezana mirefy 50m ny halavany ary 19m ny sakany izay antsoina hoe: «échangeur» hampifandray amin'ny «Route de la Francophonie» mankany amin'ny làlana RN 58A.

Efa voaomana avokoa ny maha làlana «moderne» ny "Fly-Over", toy ny "canal" fanarian-drano sy ny jiro hanazava ny làlana ary ny jiro fampahafantarana na "feu tricolore". Fanampin'izay, hisy «aménagement aérien» ho an'ny mpandeha tongotra ao anatin'io tetikasa io.

Fisaorana ny rehetra sy Ramatoa Mpitarika fivoriana, tamin'ny fandraisana fitenenana no namaran'Andriamatoa Minisitry ny Asa Vaventy ny teniny.

Nisaotra azy koa, Ramatoa Mpitarika fivoriana, taorian'izay.
Rehefa izany, nambarany fa hiroso amin'ny adihevitra ankapobeny mikasika ny volavolan-dalàna ny mpivory, ka nomeny fitenenana ny Solombavambahoaka manan-kambara momba ity tetikasa "Fly-over" ity.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa TSARADIA Marco, nambarany fa faly ny tenany amin'ny fanatrehan'Andriamatoa Minisitry ny Asa Vaventy ny fivoriana satria ahafahana milaza ny zava-misy mivantana aminy raha ny làlana no asiana teny.

Nomarihany koa, fa zava-dehibe ny firosoana amin'ny tetikasa hitondra fampivoarana tahaka izao. Hiavaka ny fahatsaran'ny tanàna, indrindra eo amin'ny "rond point Ampasika" sy ny eny amin'ny faritry ny "stade Maki" amin'ny fisian'ity tetikasa "Fly-Over" ity. Eo anatrehan'izay, nangataka ny hanatanterahana amin'ny fomba ara-dalàna ny asa ny tenany ary nangataka ihany koa ny famaritana tsara ny tena làlana hovoakasika amin'ny fanaovana ny tetikasa.

Fanentanana ny Solombavambahoaka handany ny volavolan-dalàna no namaranany ny fitenenany.

Marihana fa tamin'ny fandraisam-pitenenanan'ny Solombavambahoaka rehetra nandray fitenenana, nitovy hevitra daholo izy ireo, fa hahatsara endrika ny Renivohitr'i Madagasikara sy hampihena ny fitohanan'ny fiara eto Antananarivo ny fahavitan'ny tetikasa.
Tao koa ny Solombavambahoaka nanao fanamarihana fa tokony ho ny tena zavatra hita tamin'ny sary fampahafantarana navoakan'ny Minisiteran'ny Asa Vaventy no hampiharina amin'ny asa hatao. Izany hoe, sarotiny amin'ny kalitaon'ny asa vita ny Solombavambahoaka raha tetikasam-panjakana tahaka ny "Fly-Over" izao no hatao. Ny antony, betsaka ny tetikasa nataon'ny Minisitera teo aloha, kanefa vetivety dia simba ny fotodrafitrasa noho ny tsy fisian'ny fanaraha-maso.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa DINAH Romual, nambarany fa lanilany fotsiny ny volam-panjakana mitentina miliara maro, kanefa tsy maharitra akory ny asa vita. Izany hoe, tokony hosarotiny ny Minisiteran'ny Asa Vaventy amin'ny kalitaon'ny asa tanterahana mba ho tsara sy maharitra ny fotodrafitrasa.

Nitovian'izy ireo hevitra ny tokony hankatoavana ny tetikasa "Fly-Over Maki" raha ny fintinina ny fandraisany fitenenana.

Tamin'ny fandraisam-pitenenana nataon'ny Solombavambahoaka ihany koa no nangatahan'izy ireo ny hanamboarana ny Làlam-pirenena eto amintsika noho ny haratsian'izany amin'izao fotoana izao. Ohatra amin'izany, ny Làlam-pirenena mampitohy an'Antananarivo-Toamasina na ny RN2, Antananarivo-Toliara na ny RN7, Ambondromamy-Antsiranana na ny RN6, Taolagnaro-Ihosy na ny RN13. Ankotran'izay, mila amboarina ihany koa ny làlana Kaominaly sy ny làlana mampitohy Disitrika amin'ny Distrika.

Ho an'ny Distrikan'i Belo sur Tsiribihina, nangataka Andriamatoa SAORY Christian, mba hamboarina ny RN 8A satria anisany hampiditra volabe ho an'ny firenena ny fahavitany. Ny antony, ho maro ny mpizahatany tonga any an-toerana raha tsara ny làlana.
Nomarihany fa efa nisy teknisiana nanao fanadihadiana momba ny fanaovan-dàlana nandalo tany saingy tsy hita izay nalehany hatramin'izao.

Andriamatoa FIAROVANA Lovanirina Célestin kosa, nametraka fanontaniana mikasika ny fotoana hanombohan'ny tetikasa "Fly-over Maki" sy ny fotoana hifaranan'ny asa. Tahak'izay koa ny fotoana hanaovana "décaissement"-n'ny vola hanamboarana ny tetikasa.

Andriamatoa MENAVOLO Alban, indray nametraka ahiahy mikasika ny "action sociale" amin'ny fanatanterahana ny tetikasa satria ho betsaka ny fananana simba. Izany hoe, tsy maintsy misy ny fandravana fotodrafitrasa efa natsangan'ny olona, toy ny trano sy ny fambolena. Eo anatrehan'izany, tsy maintsy hisy fitarainana hataon'izy ireo raha tsy mahazo onitra amin'ny fananany ry zareo. Aiza no hametrahana ny olona tsy manana trano, any amin'ny "salle des fêtes" sa eny amin'ny Kaominina. Izany hoe, mangataka ny olom-boafidy mba hanafainganana ny onitra tokony homen'ny fanjakana an'ireny olona voakasiky ny tetikasa ireny.

Mikasika ny fitsidihana ataon'ny Minisitera any amin'ny Distrika misy ny Solombavambahoaka, inona no antony tsy ampandrenesana ny olom-boafidy rehefa manao izany ny tomponandraikitra. Tsy mahalala ny fahatongavany any an-toerana akory ny olom-boafidy kanefa misy zavatra tokony hiaraha-midinika alohan'ny asa hotanterahana.

Rehefa izany, nanao satroka Andriamatoa RANDRIANASOLO Augustin ary nangataka ny tsy handaniana fotoana intsony mikasika ity tetikasa "Fly-over Maki" ity satria samy nilaza fa mankasitraka ny hanaovana azy izay nandray fitenenana teo. Izany hoe, tokony handray fanapahan-kevitra momba ny fankatoavana azy no hatao ary tsy tokony hivaona amin'ny tetikasa ny fitenenana raisina.

Nomarihany koa fa mbola misy volavolan-dalàna mikasika ny fahasalamana hodinihana aorian'izao, ka aleo atao ny fandaniana azy.

Nandroso sosokevitra ny tenany amin'ny tokony hanaovana ny adihevitra tahak'izao amin'ny alàlan'ny "groupe whatsapp" mitovy amin'ny teo aloha raha azo atao.

Raha nandray fitenenana, Ramatoa RAZAFIMANANTSOA Lobo Hanitriniaina, namaly avy hatrany fa tsy tokony hampidirina amin'ny "groupe whatsapp" ny adihevitra ataon'ny Solombavambahoaka fa ato amin'ny "Salle des Séances" ihany no anatanterahana azy.

Nambarany taorian'izay, fa efa nanao fangatahana fihaonana amin'ny Minisitra maromaro ny avy amin'ny fanoherana eto anivon'ny Antenimierampirenena amin'ny Alakamisy faha-7 Novambra 2024 izao, ka niangavy Andriamatoa Minisitry ny Asa Vaventy, ny tenany mba hanatrika an'io fihaonana io koa.

Nomarihany fa mendrika hotohanana ny tetikasa toy izao satria tsy dia be loatra ny vola indramina kanefa mahavaha olana eto Antananarivo Renivohitra. Zavatra izay heverina ho laharam-pahamehana ho an'ny vahoaka no tokony hindramana vola fa tsy atao tahaka ny "projet téléphérique" nitrosana volabe saingy tsy vita hatramin'izao foatoana izao.

Andriamatoa RAKOTORALAHY Modeste kosa, nanambara fa hampisy fandrosoana an'Antananarivo Renivohitra ny tetikasa "Fly-Over Maki" araka ny voalazan'ny namana teo aloha, ka fanentanana amin'ny tokony handaniana ny volavolan-dalàna no nataony.

Nangataka ny hanamboarana ny làlam-pirenena RN34 anefa ny tenany satria ratsy ny làlana ka sahirana ny vahoaka amin'ny fivezivezena izay matetika misy loza. Nomarihany, fa tenany dia saika niharan'izany tamin'ny famonjena izao fivoriana izao. Fanampin'izay, tsy tafavoaka ny vokatra; noho izany simba no sady lafo ihany koa satria betsaka ny mpanararaotra.

Nangatahany ny tokony hanamboarana ny tetezan-dava ao Ankazomiriotra, amin'ny RN34 ihany satria lasan'ny rano ny "remblais" notontosaina tamin'ny taona lasa, ka sao hitera-doza.

Rehefa avy nisaotra ny Solombavambahoaka nandray fitenenana, Ramatoa Mpitarika fivoriana dia nanome fitenenana an'Andriamatoa RAFIDISON Richard Théodore, Minisitry ny Asa Vaventy, mba hamaliany ny fanontaniana sy ny fangatahana nataon'ny Solombavambahoaka nandray fitenenana teo.

Toy izao no valin-teny nataon'Andriamatoa Minisitra:
Voaray daholo ny teny feno fitiavan-tanindrazana nomen'ny Solombavambahoaka teo, indrindra ho an'ny fanamboaran-dàlana eto Madagasikara. Torak'izay, voaray ihany koa ny fanamarihana rehetra nataon'ny olom-boafidy.

Ho tonga eto ny tenako, amin'ny fangatahana nataon'ny avy amin'ny fanoherana amin'ny Alakamisy faha-7 Novambra 2024, momba ny fihaonana amin'ny Solombavambahoaka. Amin'izay fotoana izay no hanome famelabelarana misimisy kokoa mikasika ny fangatahana ny fanamboarana ny làlam-pirenena mampifandray ny Distrika maro eto amintsika izahay.

Nomarihany koa mikasika ny fanontaniana amin'ny resaka tetikasa "Fly-over", fa roa no isan'ny tetikasa hotanterahan'ny fitondram-panjakana hatreto. Ny iray ny "Fly-over" eo amin'ny "rond point Anosizato", ny faharoa ny "Fly-over" eny amin'ny "rond point Maki".

Raha mikasika ny “Fly-over Anosizato” dia efa nahazo fankatoavana teto anivon’ny Antenimierampirenena izany. Efa vita ny fanadihadiana. Efa nandeha koa ny “appel d’offre”, fa noho ny fepetra napetraky ny mpamatsy vola tao anaty “cahier de charge” na bokin’andraikitra dia tsy maintsy orinasa Afrikana ihany no afaka mamaly ny tolo-bidy. Noho izany, lasa “infructueux” ny tetikasa satria ny orinasa iray namaly ny tolo-bidy, tsy nahafeno fepetra sady fanampin’izay, tsy orinasa Afrikana. Teo anatrehan’izay, nanaovana “amendement” ny “accord de financement”, ka efa eo ampanomanana ny “relance appel d’offre infructueux” ny Minisitera amin’izao fotoana izao.

Mikasika ny “Fly-over Anosizato” ihany, tsy izay fotsiny no hatao, fa misy ny fanamboarana tetezana miisa roa mba hahafahana miampita any amin’ny RN1 sy ny fanamboarana ny làlana RN 58A izay mirefy 8km mahery kely eo. Io làlana io dia hampifandray ny “Fly-over Anosizato” sy ny “Fly-over Maki”. Marihana fa mandalo eny amin’ny “digue” izy io, ka izay no antsoina hoe RN 58A. Miala avy eo Anosizato, mandalo eny amin’ny “rond point Ampasika” ka hatreny amin’ny “rond point Maki” ary miafara eny Andranomena. Izany hoe, hisy fifandraisany ireo “Fly-over” miisa roa hatao ireo. Mifandray izany ny làlana RN 58A mankeny Ampasika ka hatreny amin’ny “Fly-over Maki”.

Mikasika ny fanajana fotoana, aorian’ny fankatoavan’ny Antenimierampirenena izao volavolan-dalàna izay angatahana androany izao dia miandry ny hanaovana “mise en vigueur” ny Minisitera. Aorian’izay, halefa any amin’ny mpamatsy vola ny “ratification” izay tapaka avy eto amin’ny Antenimierampirenena, ka 8 volana eo ho eo ny fotoana hanaovana ny fanadihadiana. Rehefa vita daholo ny APS na ny “Système de Planification Avancée” ary vonona ny “cahier de charge”, izay vao miroso amin’ny “passation de marché” ny Minisitera. Manodidina ny 4 volana eo ho eo no anaovana sy anombohana ny “lancement” ka hatrany amin’ny “évaluation” raha mizotra araka ny tokony ho izy ny fepetra rehetra. Raha atambatra ny fotoana manontolo, manomboka androany ka hatramin’ny fotoana voalaza teo, eo amin’ny 12 volana mahery eo vao hanomboka ny asa momba ny tetikasa. Tsy maintsy atao ny “études” sy ny “appel d’offre” ary ny fanajana ny “procédure” rehetra amin’ny “libération d’emprise” amin’ny maha asa hatao azy eto andrenivohitra. Vita izay vao afaka miroso amin’ny tena asa tanteraka ny Minisitera.

Momba ny fitsidihana any amin’ny Distrika misy ny Solombavambahoaka, tsy maintsy ilazana mialoha ny OMC-Distrika manomboka izao. Ny antony, tokony hahalala ny tomponandraikitra rehetra any amin’ny Distrika fa hisy fitsidihana hataon’ny Minisitera any ifotony. Nambarany fa voaray ny fanamarihana ka hanome baiko ny Talen’ny Kabinetra ao amin’ny Minisitera ny tenany, manomboka izao, mba hifandray amin’ny Solombavambahoaka ankoatra ny fampahafantarana mialoha hataon’ny OMC-Distrika.

Mikasika ny fandraisana ny Solombavambahoaka, nambaran’Andriamatoa Minisitra fa 60 andro no nahavoatendry azy ho Minisitra. Tao anatin’izay fotoana izay, tsy latsaky ny 60 isa ihany koa no isan’ny Solombavambahoaka efa noraisiny. Hotohizana ny ezaka amin’ny fandraisana ny olom-boafidy ary hasiana fanatsarana izany.

Talohan’ny namaranany ny teniny, nohamafisan’Andriamatoa Minisitra ny fahatongavany eto amin’ny Antenimierampirenena amin’ny Alakamisy faha-7 Novambra 2024 ho avy izao hamaliany ny fanontaniana sy ny hetahetan’ny Solombavambahoaka mikasika ny asa ataon’ny Minisitera momba ny fanamboaran-dàlana eto amintsika.
Nofaranany tamin’ny fisaorana ny rehetra ny fandraisany fitenenana.

Rehefa tsy nisy Solombavambahoaka nandray fitenenana intsony, nanambara Ramatoa Mpitarika fivoriana, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-005/2024 tamin'ny 7 Febroary 2024 ny mpivory.

Nomarihany fa ahitana andininy miisa roa ny volavolan-dalàna ary araka ny voalazan'ny andininy faha-158 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, rehefa misy fifanarahana tahaka izao, tsy azo kitihana ny andininy ao anaty volavolan-dalàna fa na laniana na tsipahana na ahemotra ny fandaniana azy.

Nambarany koa fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 55 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny ary tsy nisy nilaza fanemorana -

Nambaran-dRamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny volavolan-dalàna laharana faha-005/2024 tamin'ny 7 Febroary 2024 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet Aménagement du «Fly-Over Maki» croisement entre la Route «Francophonie» et le Boulevard de «l'Europe», conclu le 11 Octobre 2023 entre la République de Madagascar et la Banque Arabe pour le Développement Economique en Afrique (BADEA)».

Taorian'ny fahalanian'ny volavolan-dalàna, nomena fitenenana Andriamatoa RAFIDISON Richard Théodore, Minisitry ny Asa Vaventy, raha mbola manan-kambara. Fankasitrahana ny Solombavambahoaka no teny nataony satria mariky ny fiaraha-miasa sy firaisam-po amin'ny fampandrosoana an'i Madagasikara no misy eo amin'ny Fahefana Mpanatanteraka sy ny Antenimierampirenena.

Nohamafisiny ny mahazava-dehibe ny tetikasa «Fly-over» hatao eto Antananarivo Renivohitra, satria hanatsarana ny tanàna sy fomba iray hampihenana ny fitohanan'ny fifamoivoizana eto andrenivohitra izany; indrindra ihany koa, tetikasan'ny Filohampirenena amin'ny fampandrosoana ny firenentsika izy ity.

Firarian-tsoa ho an'ny rehetra no namaranany ny fandraisany fitenenana.

Rehefa izany, nomen-dRamatoa Mpitarika fivoriana, handeha hamonjy ny adidy izay tokony hosahaniny Andriamatoa Minisitra, satria mbola misy volavolan-dalàna hafa hodinihana sy handraisana fanapahan-kevitra.

Taorian'izay, nanambara Ramatoa Mpitarika fivoriana, fa hiroso amin'ny fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-011/2024 tamin'ny 14 Mey 2024 "modifiant et complétant certaines dispositions de la loi n°2005-040 du 20 Février 2006 sur la lute contre le VIH/SIDA et la protection des droits des personnes vivant avec le VIH/SIDA", ny mpivory ka niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomiera voakasik'izany ny tenany mba hamaky ny tatitra tany amin'ny asam-baomiera.

Andriamatoa RANDRIANASOLO Augistin, no nanatontosa izany, ka toy izao no fivakiny:

Nivory ny Alatsinainy faha-4 Novambra 2024 ny Vaomieran'ny Fahasalamam-bahoaka sy ny Fandrindram-piterahana, ny Vaomieran'ny Mponina sy ny Firaisankina ary ny Vaomieran'ny Lalàna nandinika ny volavolan-dalàna laharana faha-011/2024 tamin'ny 14 Mey 2024 manova sy mameno ny fepetra sasantsasany ao amin'ny Lalàna laharana faha-2005-040 tamin'ny 20 Febroary 2006 momba ny Ady amin'ny VIH/SIDA sy ny Fiarovana ny Zon'ireo olona miaina miaraka amin'ny VIH/SIDA.

Andriamatoa RAJAOBELINA Lova Herizo, Filohan'ny Vaomieran'ny Fahasalamam-bahoaka sy ny Fandrindram-piterahana no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao Vaomieran'ny Fahasalamam-bahoaka sy ny Fandrindram-piterahana tonga nanatrika ny fivoriana:
Ramatoa sy Andriamatoa isany,

1. ANDRIAMAMONJY Olivier
2. BARINIAINA Fidy
3. FEHEREZAVINANY
4. FIAROVANA Lovanirina Celestin
5. MBADE Jeannie Gabrielle
6. RAJAOBELINA Lova Herizo
7. RAKOTONIRINA Richard Joseph
8. RANDRIANASOLO Augustin
9. RASOLOMANANA Beby Olivier
10. RAVONIARISOA Mariette
11. RAZAFIMAHEFA Tiana
12. SYLVIE Liva Gervais

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Mponina sy ny Firaisankina, tonga nanatrika ny fivoriana:
Ramatoa sy Andriamatoa isany,

1. FIHEREZAVINANY
2. FREYDIER Michael
3. MBADE Jeannie Gabrielle
4. RAVONIARISOA Mariette
5. RAZANAMANDIMBISOA Tantely

Ramatoa RAZANAMANDIMBISOA Tantely no Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Lalàna tonga nanatrika ny fivoriana.

Ireto kosa ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana ao anaty Vaomiera tonga nanatrika ny fivoriana:
Andriamatoa isany,

1. ANDRIAMOSA Avotraina
2. MARINDRY Rasolohery Andry Chrinssant

Ireto ireo teknisiana avy amin'ny Governemanta:
Ramatoa sy Andriamatoa isany,

| | | |
|---|---|---|
| 1 | RAKOTONAVALONA Rivomalala | DGMP/MSANP |
| 2 | RAKOTOARISON Rindra | ATDGMP/MSANP |
| 3 | RASAMOEL Jacques Randall Elian | DAJ/MSANP |
| 4 | RAKOTOHERIMORA Norosoa F. | PNLS/MSANP |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Andriamatoa Filoha dia nomeny avy hatrany ny teknisiana avy amin'ny Governemanta ny fitenenana mba hanazavany ny antonantony mahakasika ny volavolan-dalàna.

Nanazava ireo tekinisiana fa ity volavolan-dalàna ity dia manova sy mameno ny fepetra sasantsasany ao amin'ny Lalàna laharana faha-2005-040 tamin'ny 20 Febroary 2006 momba ny Ady amin'ny VIH/SIDA sy ny Fiarovana ny Zon'ireo olona miaina miaraka amin'ny VIH/SIDA.

Ny rafitra ankehitriny izay miandraikitra ny ady amin'ny SIDA dia misedra fahasarotana momba ny fanatanterahana ireo andraikitra napetraka taminy. Mba ho tsaratsara kokoa ny fandrindrana ny ady amin'ny SIDA dia zava-dehibe ny mamindra izany ho ao anaty rafitra iray mba hampizotra tsara ny fampandehanan-draharaha.

Raha ny teo aloha manko dia ny eny anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika no nisy ny SE/CNLS, fa amin'ity volavolan-dalàna ity kosa, hatambatra ao amin'ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka io rantsamangaika miady amin'ny SIDA io.

Noho izany, fanatsarana ny fandrindrana ny ady amin'ny SIDA no votoatin'ity volavolan-dalàna ity.

Izany fanovàna izany dia mahakasika ny andininy faha-4 ao amin'ny Lalàna faha-2005-040 tamin'ny 20 Febroary 2006 momba ny Ady aminy VIH/SIDA sy ny Fiarovana ny Zon'ireo olona miaina miaraka amin'ny VIH/SIDA.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fanamarihana ny mpivory.

**<u>FANAMARIHANA:</u>**

1- Tsara raha ampidirina ao anatin'ny "Comité de pilotage" ny Filohan'ny Vaomieran'ny Fahasalamam-bahoaka sy ny Fandrindram-piterahana raha toa tsy voakasiky ny "incompatibilité" momba ny Solombavambahoaka ao amin'ny "Ordonnance n°2014-001 portant Loi organique fixant les règles relatives au fonctionnement de l'Assemblée Nationale, modifiée par la Loi Organique n°2014-034 modifiant certaines dispositions de l'Ordonnance portant Loi organique fixant les règles relatives au fonctionnement de l'Assemblée Nationale" izany.

2- Tsara kokoa raha mahazo ny rijan-tenin-dalàna feno mifandraika amin'ny ady atao amin'ny VIH/SIDA ny Solombavambahoaka alohan'ny handaniana ity volavolan-dalàna ity eny amin'ny fivoriambe. Ilaina ihany koa ny fanaovana "séance d'information" ho an'ny Solombavambahoaka amin'ny mahazava-doza io aretina io,

satria raha resy lahatra ny Solombavambahoaka dia mora amin'izy ireo ny mandresy lahatra ny vahoaka ao amin'ny Distrika misy azy.

3- Mila hamafisina ny fanentanana sy ny fampiofanana ireo mpivarotena, ny eny amin'ireo tsenan'omby izay fivezivezen'izy ireo sy ireo toerana fandraisam-bahiny mba hoentina miady amin'ny fiparitahan'ny VIH/SIDA. Eo ihany koa ny fahadiovana eny amin'ny toeram-pitsaboana, toy ny "dentiste", ireo toerana fakana sy fanomezan-drà sns … .

4- Tokony hamoraina ny fanaovana fitiliana ho an'ny olon-drehetra fa tsy ireo sokajin'olona izay voafaritra teo aloha ihany no anaovana izany.

5 -Mila ovaina ny paikady entina manentana ny olona satria ny ankamaroan'ny olona ankehitriny dia tsy matahotra an'io aretina io intsony. Mba hahomby kokoa sy hohenoin'ny vahoaka dia tsara raha manao "lutte multi-sectorielle" ny eny anivon'ireo Minisitera isan-tsokajiny, ireo fiarahamonim-pirenena sy ireo sehatra tsy miankina. Eo ihany koa ny fandresena lahatra ny vahoaka fa tena misy ny VIH/SIDA ary tsy natao ho fitadiavam-bolan'ny Fanjakana fotsiny ihany araka ny voalazan'ny sasany.

6 Tokony hojerena ny fepetra fanaraha-maso ireo olona izay efa hita fa mitondra ny tsimok'aretina sy ny mba tsy hamindrany amin'ny hafa intsony (suivi des patients testés positifs au VIH/SIDA).

7 Tokony hapetraka ny paikady amin'ny fiaraha-miasa eo amin'ny vahoaka sy ny Fanjakana amin'ny fisorohana io aretina io ary entanina ny vahoaka mba tsy hatahotra hanao fitiliana.

Taorian'izay dia niroso tamin'ny fametraham-panontaniana ny mpivory.

**<u>FANONTANIANA SY VALINY:</u>**

1- Inona no antony nanesorana io rantsamangaika io teo amin'ny Fiadidiana ny Repoblika?

- Tsy naharaka ny fandrindrana ny tetikasa satria misedra fahasarotana izy ireo tamin'ny fanatanterahana ny vokatra andrasana aminy. Tsara hamafisina ihany koa ny rafitra ao amin'ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka mba hahazoana vokatra tsara kokoa.

2- Inona avy ireo dingana efa narahina teny amin'ny Fiadidiana ny Repoblika talohan'ny nahatongavan'ity volavolan-dalàna ity tety amin'ny Parlemanta? Sao miteraka olana ny fandaniana azy ity?

- Efa betsaka ny dingana nataon'ny teo anivon'ny "Direction des Affaires Juridiques" avy tamin'ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka sy ny Sekretera Jeneralin'ny Fiadidiana ny Repoblika izay vao tonga amin'izao dingana izao isika. Tsy nesorina tanteraka tao anatin'io tetikasa io anefa ny Fiadidiana ny Repoblika fa mbola mitana andraikitra ao anatin'ny "Comité de pilotage" ihany izy ireo.

Taorian'izay dia niroso tamin'ny fandaniana ny volavolan-dalàna laharana faha-011/2024 tamin'ny 14 Mey 2024 manova sy mameno ny fepetra sasantsasany ao amin'ny Lalàna laharana faha-2005-040 tamin'ny 20 Febroary 2006 momba ny Ady amin'ny VIH/SIDA sy ny Fiarovana ny Zon'ireo Olona miaina miaraka amin'ny VIH/SIDA ny mpivory.

- **Filazana ny antonantony:** Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.
- **Andininy voalohany:** Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.
- **Andininy faharoa:** Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fandaniana ankapobeny ny volavolan-dalàna ny Vaomieran'ny Fahasalamam-bahoaka sy ny Fandrindram-piterahana.

Nolanian'ny Vaomieran'ny Fahasalamam-bahoaka sy ny Fandrindram-piterahana tamin'ny endriny tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna ny volavolan-dalàna laharana faha-011/2024 tamin'ny 14 Mey 2024 manova sy mameno ny fepetra sasantsasany ao amin'ny Lalàna laharana faha-2005-040 tamin'ny 20 Febroary 2006 momba ny Ady amin'ny VIH/SIDA sy ny Fiarovana ny Zon'ireo Olona miaina miaraka amin'ny VIH/SIDA ary hoentina eo anivon'ny fivoriambe mba handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 12 ora sy 10 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Andriamatoa Filoha.

Taorian'izay, nisaotra an'Andriamatoa Mpampakateny, Ramatoa Mpitarika fivoriana no sady nanambara fa hiroso amin'ny fanitsiana ny tatitra ny mpivory.

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa RAJAOBELINA Lova Herizo, nahitsiny ny anaran'ny Vaomiera voakasiky ny volavolan-dalàna. Tsy Vaomieran'ny Fahasalamam-bahoaka sy ny Fandrindram-piterahana no izy fa Vaomieran'ny Fahasalamam-bahoaka sy ny Fandrindrana ny Fiainam-pianakaviana.

Taorian'izay, nomena ny solotenan'ny Governemanta ny fitenenana raha manana fanitsiana momba ny tatitra izy ireo.

Andriamatoa RAKOTONAVALONA Rivomalala, Tale Jeneraly eo anivon'ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka izay nisolotena ny Minisitry ny Fahalamam-bahoaka no nanao ny fanitsiana, ka toy izao izany:
Ao amin'ny pejy faha-2, ny anaran'ny teknisiana, laharana faha-4, PNLS/MSANP na "Programme National de Lutte contre le VIH/SIDA" no tokony ho izy amin'ny andraikitra sahanin-dRamatoa RAKOTOHERIMORA Norosoa, fa tsy DNUS/MSANP.

Rehefa izany, nomen-dRamatoa Mpitarika fivoriana fitenenana indray ny solotenan'ny Governemanta mba hanazavany ny antonanton'ny volavolan-dalàna.
Mbola Andriamatoa RAKOTONAVALONA Rivomalala, Tale Jeneraly eo anivon'ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka ihany no nanatanteraka izany.

Fandinihana ny volavolan-dalàna laharana faha-011/2024 tamin'ny 14 Mey 2024 momba ny Ady amin'ny VIH/SIDA sy ny Fiarovana ny Zon'ireo Olona miaina miaraka amin'ny VIH/SIDA

ny anton'ny tolokevitra naroson'ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka. Ny antony dia ny hamindrana ny fitantanana mikasika ny ady amin'ny fiparitahan'ny VIH/SIDA ho ato amin'ny Minisitera raha ny Fiadidiana ny Repoblika no nisahana izany hatramin'izao. Nisy ny fahasarotana teo amin'ny fanatanterahana ny andraikitra teo amin'ny SE/CNLS teo aloha, ka hanatsarana bebe kokoa ny fandrindrana ny ady amin'ny fiparitahan'ny VIH/SIDA no amindrana azy amin'ny rafitra iray ato anivon'ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka. Izany hoe, mba hampizotra antsakany sy andavany ny fampandehan-draharaha no nanaovana izany.

Mazava rahateo ny voalazan'ny tatitra, ka fanentanana ny Solombavambahoaka mba handany ny volavolan-dalàna sy fisaorana azy ireo no namaranany ny fandraisany fitenenana.

Rehefa izay, nambaran-dRamatoa Mpitarika fivoriana, fa hiroso amin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory, ka nomeny fitenenana ny Solombavambahoaka.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa DINAH Romual, nambarany fa vitsy ny mino ny fisian'ny tsimok'aretina VIH/SIDA, ka lasa tsy matahotra an'io aretina io ny ankamaroan'ny olona. Misy koa anefa ny olona matahotra ny ho faty ka mitandrin-tena. Efa ho 20 taona mahery no nilazana fa misy olona mitondra ny tsimok'aretina VIH/SIDA eto amintsika. Maro ny ezaka natao hisorahana izany ary anisany ny fikambanana STOPSIDA nisy azy teo aloha izay nanentana ny olona hiaro ny tenany. Tao anatin'ny ezaka ny fitetezana Faritra maro; ny zavatra tsapa, nafenina ny olona mitondra ny tsimok'aretina VIH/SIDA, ka nanontany ny vahoaka hoe: tena misy marina ve io aretina VIH/SIDA io. Ny olona voan'ny tazo mahery anefa tsy afenina fa tsaboina na dia samy aretina aza izy roa ireo. Noho izay antony izay, tsy mino ny olona satria tsy nahita maso ny olona tena mitondra ny tsimok'aretina VIH/SIDA.

Eo anatrehan'izany, tokony hametraka paikady mazava ny fitondrana mba haneken'ny vahoaka fa tena misy ny areti-mandoza VIH/SIDA. Mila mitondra porofo mazava ihany koa ny Minisitera fa tena misy ny VIH/SIDA. Ohatra amin'izany, ny famoahana ampahibemaso ny olona voan'ny SIDA sy ny fitsaboana atao azy ireo. Tsy tokony hafenina tahaka ny nataon'ny tomponandraikitra teo aloha intsony ny olona marary, fa atokana amin'ny hopitaly iray. Ny antony, amin'izay mba ho resy lahatra ny olona fa misy marina ny aretina SIDA.

Andriamatoa RANARIVELO Lucien kosa nanambara fa maro ny lesona sy traikefa azo nandritra izay fotoana lava izay satria natao ny ady tamin'ny fiparitahan'ny tsimok'aretina VIH/SIDA. Izany hoe, fanatsarana ny ady atao amin'ny SIDA no tokony himasoana.

Noho ny mahazava-dehibe ity volavolan-dalàna ity, tokony ho ny Minisitry ny Fahasalamana mihitsy no nanazava azy teto anatrehan'ny Solombavambahoaka, kanefa ny andraikitra sahanina maro ka tsy maninona izany. Holaniana izy ity satria ho fiaravona ny fahasalaman'ny vahoaka iray manontolo.

Andriamatoa MARINDRY Rasolohery Andry Chrinssant, nanambara fa tokony hatao ny "dépistage de masse" mikasika ny ady amin'ny fiparitahan'ny tsimok'aretina VIH/SIDA. Ny antony, ny fanjakana mihitsy no manao ny fanentanana mba hahafantarana ny antontan'isa mikasika ny olona mitondra an'io tsimok'aretina io.

Ho an'i Marovoay manokana, maro ny tanora no mivarotena; eny na any amin'ny toerampianarana toy ny "lycée" aza, any amin'ny tsenan'omby sy ny toerana hafa koa, satria tsy misy ny asa ho azy ireo. Izay no antony ilazana fa tokony hanao "dépistage de masse" ny Minisitera mba hampihenana ny fiparitahan'ny tsimok'aretina VIH/SIDA, indrindra any amin'ny Distrikan'i Marovoay.

Ho an'Andriamatoa HANOGNONA Hervé, kosa fanontanina no napetrany hoe aiza ho aiza ny ady ataon'ny Minisitera amin'ny fiparitahan'ny tsimok'aretina VIH/SIDA amin'izao fotoana izao, satria raha ny tsapa dia tena mirongatra io aretina io, indrindra ho an'ny tanora. Tokony handray andraikitra avy hatrany ny Minisitera raha vao lany ity volavolan-dalàna ity mba ho fiarovana ny tanora izay ho avin'ny firenena.

Ho an'Andriamatoa IMBIKI Herilaza, kosa nambarany fa "ville touristique" any Sainte-Marie ary ny tsapa, tsy ampy fanentanana sy fampianarana ny vahoaka amin'ny ady atao tsy hiparitahan'ny VIH/SIDA. Izany hoe, tokony hamafisina ny fanentanana mba tsy hiparitaka loatra ny aretina satria sao efa mihamaro olona voa izay vao handray andraikitra isika.

Nomarihany fa tsy afaka misaraka ny fizahantany sy ny fahasalamana noho ny fisian'ny "tourisme sexuel", ka izay no ilazana amintsika tomponandraikitra fa tokony hiara-hiasa amin'ny ady atao amin'ny SIDA.

Nanararaotra koa ny tenany, mba hitondran'ny mpiara-miasa hafatra ho an'Andriamatoa Minisitry ny Fahasalamam-bahoaka mikasika ny tsy fahampian'ny mpiasan'ny fahasalamana any Sainte-Marie. Tsy ampy "docteur pédiatre" sy ny "dentiste" any amin'ny Distrikan'i Sainte-Marie. Nambarany ihany koa, fa handefa taratasy amin'Andriamatoa Minisitra momba izay zavatra voalaza izay ny tenany.

Tahaka ny nambaran'ny namana teo aloha hoy Andriamatoa RAPHAEL Jean François, tokony hatao ny fanaovana fitiliana faobe ho an'ny Distrikan'i Sakaraha amin'ny resaka SIDA, satria manjaka any an-toerana ny fivarotan-tena. Atahorana ny hampirongatra io aretina io. Noho izany, aleo asiana fanentanana ny tanora hialana amin'ny fiparitahan'ny SIDA.

Nomarihany fa tsy ampy ny mpiasa sy ny fitaovana ampiasain'ny dokotera ao amin'ny CSB I any an-toerana.

Tsy misy ihany koa ny herinaratra, ka atahorana ny hahafaty ny marary rehefa atao ny fandidiana azy ireo. Niangavy ny hijerena manokana io olan'ny herinaratra ao amin'ny hopitaly any an-toerana io ny tenany. Ohatra, tokony hasiana "plaque solaire" matanjaka mba hampihena ny loza mety ateraky ny fahatapahan'ny jiro.

Andriamatoa RANDRIANARIVO Edwin, kosa nangataka ny tokony hanaovana "teste rapide" indrindra ho an'ny tanora amin'izay mba mivoaka eo noho eo ny valin'ny fitialiana. Tokony hampahafantarina ny vahoaka ny faharatsian'ny aretina VIH/SIDA ary tsy tokony hafenina ny mararin'io aretina io mba hampihena ny tahan'ny olona voany.

Nanamafy koa ny tenany avy eo, fa tokony ho niatrika izao fivoriambe izao Andriamatoa Minisitry ny Fahasalamam-bahoaka, satria maro ny olana sedraina amin'ny lafiny fahasalamana eto Madagasikara, kanefa tsy tonga izy ka atao ahoana.

Nampahatsiahiviny fa tsy ampy ny herinaratra ao amin'ny hopitaliben'Ambato Boeny, ka tokony hovahana izay olana izay.

Andriamatoa ANDRIAMIHAJA Fanomezantsoa Yves Georges, mbola nanamafy ny tokony hanaovana "teste rapide" ho an'ny olona mitondra ny tsimok'aretina VIH/SIDA. Amin'izay fotoana izay, azo atao ny fitsaboana ny marary mba tsy hamindrany amin'ny olona hafa intsony. Ilaina noho izany ny fanentanana mafonja tokony hataon'ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka.

Nambarany fa tokony hojerena manokana ny "Centre Hospitalier de Réference Régionale" na ny CHRR ao Ambositra satria tsy misy Lehibe misahana kanefa Distrika miisa 4 be izao no mampiasa azy. Nomarihany fa lafiny ara-politika no antony nanesorana an'io olona io tamin'ny toerany.

Nambarany ihany koa fa, tsy ampy ny fitaovana ampiasain'ny hopitaly; tahaka izay, tsy ampy ny isan'ny mpitsabo, indrindra ny dokotera mpandidy, ka tokony hijeren'ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka vahaolana izany. Raha misy olona mila fandidiana, alefa any Antsirabe vao mahazo fitsaboana. Izany hoe, sahirana ny marary noho ny tsy fahampian'ny mpiasan'ny fahasalamana any an-toerana.

Andriamatoa RAMINOALISOA Andrianiaina Herizo, indray nanambara fa tokony hampiharina araka izay azo atao ny ady amin'ny tsy hiparitahan'ny tsimok'aretina VIH/SIDA satria mety hampihena ny fijangajagana eo amin'ny mpivady sy ny tanora ny fanaovana izany.

Tokony hijerena manokana ny any ambanivohitra amin'ny fampiharana ny ady atao amin'ny tsy hiparitahan'ny VIH/SIDA satria ny mponina andrenivohitra ihany no saika voakasik'izany hatramin'izao.

Tsy ampy ny mpiasan'ny fahasalamana ao amin'ny hopitaliben'i Fenerive Est, ka tokony handray dokotera hiasa any an-toerana ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka.

Momba ny vola aloa rehefa mitsabo tena ny marary, aleo mba azavaina amin'ny olona izany mba hahafahany miomana satria matetika tsy ampy ny enti-manana amin'ny fitsaboana. Izay koa no antony tsy amonjen'ny olona hopitaly rehefa marary satria tsy misy vola, indrindra raha mila fandidiana izy. Mimenomenona ny olona noho fahabetsahan'ny vola aloa rehefa hitsabo tena, ka tokony hojeren'ny fanjakana ny mikasika izany.

Taorian'izay, nanao satroka Andriamatoa FIAROVANA Lovanirina Célestin sy Andriamatoa RAJAOBELINA Lova Herizo, ka samy nitambaran'izy ireo ny tokony tsy hivaonan'ny resaka hafa ankoatran'ity volavolan-dalàna mikasika ny fanovàna ny andininy sasantsasany amin'ny ady atao amin'ny SIDA sy ny fiarovana ny zon'ny olona miaina miaraka amin'ny tsimok'aretina VIH/SIDA ity.

Mbola nitoviany hevitra koa ny hidirana avy hatrany amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mba tsy handaniana fotoana be loatra.

Nangataka ny hampidirana ny solotenan'ny Solombavambahoaka ao anatin'ny "comité de pilotage" amin'ny ady atao amin'ny fiparitahan'ny tsimok'aretina VIH/SIDA koa izy mirahalahy.

Rehefa izany, nanontany ny Solombavambahoaka, Ramatoa Mpitarika fivoriana, raha hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny volavolan-dalàna ny mpivory na tsia.
Nanaiky ny Solombavambahoaka fa aleo hiroso amin'ny voalazan-dRamatoa Mpitarika fivoriana teo ny mpivory rehefa avy mamaly ny fanontaniana ny solotenan'ny Governemanta.

Rehefa izay, nomena fitenenana ny solotenan'ny Governemanta raha manan-kambara tamin'ny fanontaniana napetraky ny Solombavambahoaka teo.

Andriamatoa RAKOTONAVALONA Rivomalala, Tale Jeneraly eo anivon'ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka no nandray ny fitenenana, nambarany fa voaray avokoa ny sosokevitra sy fanamarihana ary ny fanontaniana napetraky ny Solombavambahoaka.

Nohamafisiny fa hampitaina any amin'Andriamatoa Minisitra ny hetaheta sy ny fangatahana nataon'ny olom-boafidy mikasika ny tsy fahampian'ny fitaovana sy ny dokotera any amin'ny toerana tsy manana izany.

Taorian'izay, nambarany fa efa niadiana hevitra tany amin'ny asam-baomiera ny ankamaroan'ny zavatra voalaza teo.
Voaray ihany koa ny sosokevitra naroson'ny Filohan'ny Vaomieran'ny Fahasalamana sy ny Fandrindrana ny Fiainam-pianakaviana eto anivon'ny Antenimierampirenena izay miisa 7. Izany hoe, sosokevitra hoentina hiadiana amin'ny tsy hiparitahan'ny tsimok'aretina VIH/SIDA izy ireo. Hampitaina any amin'ny tomponandraikitra misahana izany asa izany ny sosokevitra mba hanatsarana ny sehatry ny fahasalamana eto amintsika, fa tsy ny resaka VIH/SIDA ihany.

Nambarany koa fa hampidirina ao amin'ny "comité de pilotage" misahana ny ady amin'ny tsy hiparitahan'ny VIH/SIDA, ny solotenan'ny Solombavambahoaka ary hiaraka hivory amin'ny "Directeur des Affaires Juridiques" eo anivon'ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka izy ireo. Izany hoe, hamafisana ny ezaka atao amin'ny ady mba tsy hiparitahan'ny VIH/SIDA, ka rariny tokoa izay fangatahana voalaza teo izay.

Araka ny nambara teo aloha, tsy hamaly ny fanontaniana rehetra napetraka, ny tenako hoy Andriamatoa Sekretera Jeneraly, satria mbola hisy fotoana hihaonan'ny olom-boafidy mivantana amin'Andriamatoa Minisitry ny Fahasalamam-bahoaka izay tsy ho ela akory izany.

Fisaorana ny rehetra tamin'ny fihainoana azy no namaranany ny fandraisany fitenenana.

Nisaotra azy ihany koa, Ramatoa Mpitarika fivoriana no sady nanambara fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra isan'andininy mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-011/2024 ny mpivory.

- Famelabelarana ny antonantony: nolanian'ny vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 49 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran-dRamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny famelabelarana ny antonantony.

- Andininy voalohany: nolanian'ny vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 49 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran-dRamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny andininy voalohany amin'ny volavolan-dalàna.

- Andininy faharoa: nolanian'ny vaomiera tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 49 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran-dRamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny andininy faharoa.

Rehefa izany, niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ankapobeny momba ny volavolan-dalàna ny mpivory.

Nomarihan-dRamatoa Mpitarika fivoriana, fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 49 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran-dRamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny volavolan-dalàna laharana faha-011/2024 tamin'ny 14 Mey 2024, manova sy mameno ny fepetra sasantsasany ao amin'ny Lalàna laharana faha-2005-040 tamin'ny 20 Febroary 2006 momba ny Ady amin'ny VIH/SIDA sy ny Fiarovana ny Zon'ireo Olona miaina miaraka amin'ny VIH/SIDA.

Taorian'ny fandaniana ny volavolan-dalàna, nomena fitenenana indray ny solotenan'ny Governemanta raha mbola misy tiany ambara.

Teny fisaorana sy fankasitrahana ny Solombavambahoaka no nataon'Andriamatoa RAKOTONAVALONA Rivomalala, Tale Jeneraly eo anivon'ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka, tamin'ny fandanian'izy ireo ny volavolan-dalàna natolotry ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka.

Mariky ny fiaraha-miasa mahomby amin'ny fahefana mpanao lalàna sy ny fahefana mpanatanteraka izao vita izao, hoy Andriamatoa Sekretera Jeneraly ary dingana iray lehibe hoentina hiadiana amin'ny tsy hiparitahan'ny tsimok'aretina VIH/SIDA ihany koa.

Nambarany fa hampitaina any amin'Andriamatoa Minisitry ny Fahasalamam-bahoaka ny fizotry ny fivoriambe natao teto mikasika ity volavolan-dalàna ity.

Fisaorana sy fankasitrahana ny rehetra no namaranany ny fandraisany fitenenana.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana dia nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Ramatoa Mpitarika fivoriana, ka ny Alakamisy 7 Novambra 2024, amin'ny 10 ora, maraina, hisy fivoriambe hihaonana mivantana amin'ireto Minisitra manaraka ireto:
- Minisitry ny Fiarovam-pirenena;
- Minisitra "délégué"-n'ny Zandarimaria;
- Minisitry ny Angovo;
- Minisitry ny Rano, ny Fidiovana ary ny Fanadiovana.
Marihana fa fandaharam-potoana novolavolain'ny avy amin'ny fanoherana eto amin'ny Antenimierampirenena io fihaonana io.

Fanentanana ny Solombavambahoaka mba ho tonga maro hamonjy io fandaharam-potoana io no namaran-dRamatoa Mpitarika fivoriana ny teny nataony.

Niato tamin'ny 1 ora sy 30 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Mpitarika fivoriana.

NY FILOHA

TOKELY Justin